

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

Antanimieram-pirenena

LOI n° 99-002

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu
le 17 décembre 1998 entre la REPUBLIQUE DE
MADAGASCAR ET LE FONDS AFRICAIN DE
DEVELOPPEMENT relatif au MECANISME DE
FINANCEMENT SUPPLEMENTAIRE (MFS)**

EXPOSE DES MOTIFS

Dans le cadre du Mécanisme de Financement Supplémentaire actuellement mis en œuvre par le Groupe de la Banque Africaine de Développement, le Gouvernement de la République de Madagascar a bénéficié d'un prêt d'un montant de UN MILLION QUATRE CENT DIX HUIT MILLE (1.418.000) Unités de Compte, et ce, suivant Accord de Prêt conclu le 17 décembre 1998 avec le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT, à ABIDJAN.

I - OBJECTIFS

Le prêt est destiné à aider le Gouvernement de la République de Madagascar à faire face aux paiements des intérêts dus au Groupe de la Banque Africaine de Développement.

II - FINANCEMENT DU MECANISME

Le prêt est financé par le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT (FAD) pour un montant de 1.418.000 UC.

III - CONDITIONS FINANCIERES

Le prêt Mécanisme de Financement Supplémentaire (MFS) est assorti des conditions habituelles du FAD, à savoir :

- Durée de remboursement : 50 ans, y compris un différé d'amortissement de 10 ans
- Remboursement du principal :
 - 1% du principal par an, pour les 10 premières années de remboursement ;
 - 3% du principal pour le reste.
- Commission de service : 0,75% l'an, sur les montants du prêt décaissés et non remboursés.
- Commission d'engagement : 0,50% l'an, sur le montant non décaissé.

Aux termes de l'Article 82, § VIII de la Constitution : « la ratification ou l'approbation des traités qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana
ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

LOI n° 99-002
autorisant la ratification de l'Accord de Prêt
conclu le 17 décembre 1998 entre la
REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LE
FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT
relatif au MECANISME DE FINANCEMENT
SUPPLEMENTAIRE (MFS)

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du 25 mars 1999, la Loi dont la teneur suit :

Article premier.- Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 17 décembre 1998 entre la République de Madagascar et le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT , relatif au MECANISME DE FINANCEMENT SUPPLEMENTAIRE (MFS), d'un montant de un million quatre cent dix huit mille (1.418.000) Unités de Compte.

Article 2.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 25 mars 1999.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIANARISOA *Ange Christophe F.*

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-99-002

**anomezana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny
17 desambra 1998 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry
Afrikana ho an'ny Fampanandrosoana momba ny FANOHANANA
ARA-PAMATSIAM-BOLA FANAMPINY HO AN'NY TAONA 1998**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ao anatin'ny Fanohanana Ara-pamatsiam-bola Fanampiny ho an'ny Taona 1998 izay ampiharina ny Banky Afrikana ho an'ny Fampanandrosoana (BAD) amin'izao fotoana izano, ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia nitrosa vola izay mitentina VALO HETSY SY IRAIKA AMBY EFAPOLO AMBY ZATO TAPITRISA (1.418.000) Unités de Comptes, araka ny fifanarahana fampisamboram-bola nifanaovany tamin'ny 17desambra 1998 niaraka tamin'ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampanandrosoana (FAD), tany ABIDJAN.

I - TANJONA

Ny vola notrosaina dia entina hanampiana ny Governemantan'i Repoblikan'i Madagasikara amin'ny fandoavana ny zana-bola izay tokony haloany amin'ny vola notrosainy tamin'ny BAD.

II - FAMATSIAM-BOLA

Ny vola notrosaina izay mitentina 1.418.000 UC dia avy amin'ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampanandrosoana (FAD).

III - FEPETRA NY FAMPIDIRAM-BOLA

Ny fepetra amin'ny vola notrosaina amin'ity famatsiam-bola fanampiny ity dia ireo fepetra fampiasa mahazatra ny FAD, izany hoe :

- ◆ Faharetan'ny famerenam-bola : 50 taona, ao anatin'ny 10 taona tsy andoavana,

- ◆ Famerenana ny renivola :
 - 1% ny Renivola aloa isan-taona, mandritra ny folo taona amerenam-bola voalohany
 - 3% ny Renivola isan-taona ho an'ny sisa.
- ◆ Tamby amin'ny fampiasam-bola (Commission de Service) :
0,75% isan-taona, amin'ny vola ampiasana, nefa tsy voalao.
- ◆ Tambim-panekena (Commission d'engagement) :
0,50% isan-taona amin'ny vola tsy mbola nampiasana.

Araka ny voalazan'ny Andininy faha-82, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : « ... ny fankatoavana ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra amin'ny volam-panjakana..... dia tokony omen-dàlana amin'ny alalan'ny Lalàna ».

Izany no anton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-99-002

**Anomezana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny
17 desambra 1998 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry
Afrikana ho an'ny Fampandrosoana momba ny FANOHANANA
ARA-PAMATSIAM-BOLA FANAMPINY HO AN'NY TAONA 1998**

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-25 martsa 1995, izao Lalàna manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY : Omen-dàlana ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 17 Desambra 1998 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) momba ny FANOHANANA ARA-PAMATSIAM-BOLA FANAMPINY HO AN' NY taona 1998 izay mitentina VALO HETSY SY IRAIKA AMBY EFAPOLO AMBY ZATO TAPIYRISA (1.418.000) Unités de Compte.

ANDININY FAHAROA : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.
Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 25 martsa 1995

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIANARISOA Ange Christophe F.

**FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA IFANAOVAN'NY
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

SY

**NY TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA
MOMBA NY FANOHANANA ARA-PAMATSIANA
FANAMPINY HO AN'NY TAONA 1998**

- (MFS 1998) -

**FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA IFANAOVAN'NY
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA SY NY TAHIRY AFRIKANA HO
AN'NY FAMPANDROSOANA NY TOHANA ARA-PAMATSIAM-BOLA
FANAMPINY
HO AN'NY TAONA 1998 (MFS 1998)**

LAHARANA FAHA-F/MAD/MFS/98/36

Izao fifanarahana izao (lazaina amin'ny manaraka eto hoe: «Ny fifanarahana») dia noraiketina tamin'ny 17 Desambra 1998 ka nifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA (lazaina manaraka eto hoe: «Ny Mpisambotra») sy ny TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSNA (lazaina amin'ny manaraka eto hoe : « Ny Tahiry »).

- 1- SATRIA nangataka tamin'ny Tahiry ny Mpisambotra mba hamatsy ao anatin'ny Tohana ara-pamatsiam-bola Fanampiny (MFS), ny ampahany amin'ny vesatry ny zana-bola aloa amin'ny taona 1998 amin'ireo vola notrosaina azo tamin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (lazaina amin'ny manaraka eto hoe : « Ny Banky »), ny amin'ny fanomezana azy vola trosaina tsy hihoatra ny tentiny voalaza izao manaraka izao.
- 2- SATRIA ny fangatahana dia mifanaraka amin'ny famatsiam-bola ao anatin'ny Tohana ara-pamatsiam-bola Fanampiny.
- 3- SATRIA izao fifanarahana ao anatin'ny MFS izao dia mifandray amin'ny Famatsiam-bola ny Fanitsiana ara-drafitra faharoa (PAS II), laharana faha-F/MAD/PAS/2/97/32, nifanaovan'ny Mpisambotra sy ny Tahiry tamin'ny 02 Oktobra 1997.
- 4- SATRIA ny Tahiry dia manaiky ny hanome ho an'ny vola trosaina, araky ny fepetra voalaza manaraka izao.

NOHO IZANY, dia miara-manaiky izao manaraka izano ny andaniny avy :

ANDININY I

FEPETRA ANKAPOBE - HEVI-TENY

FIZARANA 1.01- FEPETRA ANKAPOBE

Eken'ny andaniny avy amin'izao fifanarahana izao fa izay rehetra voalaza ao amin'ny fepetra ankapobe mifehy ny Fifanaraham-pisamboram-bola sy Fifanaraham-piantohana nataon'ny Tahiry tamin'ny 23 Novambra 1989, ary nasiam-panovàna (lazaina amin'ny manaraka eto hoe : « Ny Fepetra

Ankapobe »), dia mitana ny heviny sy ny fiantraikany ohatry ny voasoratra manontolo amin'izao fifanarahana izao.

FIZARANA 1.02 - HEVI-TENY

Afa-tsy hoe hevitra hafa mihitsy no tiana hambara, ireo fiteny samihafa voadika ao amin'ny « Fepetra Ankapobe », isaky ny ampiasaina amin'izao fifanarahana izao, dia mitana ny dikany nomena azy.

ANDININY FAHA-II**NY FISAMBORAM-BOLA****FIZARANA 2.01 - NY TENTINY**

Ny Tahiry dia manaiky fa hanome ho an'ny Misambotra, avy amin'ny loharanom-karenany natokana ho ampiasaina amin'ny MFS, vola samborina amin'ny sandany samihafa azo avadika, mitentina VALO HETSY SY IRAIKA AMBY EFEPOLLO AMBY ZATO TAPITRISA (1.418.000) Unités de Comptes (ny hevitra ny hoe « Unité de Compte » dia voazava ao amin'ny andininy voalohany, andalana 1 ao amin'ny fifanarahana momba ny fanorenana ny Tahiry).

FIZARANA 2.02.- ANTONY

Ny vola nosamborina dia enti-mamatsy ny ampahany amin'ny vesatry ny zana-bola tokony haloan'ny Mpisambotra amin'ny taona 1998 amin'ireo vola samborina azony avy amin'ny Banky.

ANDININY FAHA-III**FAMERENANA NY RENIVOLA, TAMBY AMIN'NY FAMPIASAM-BOLA,
TAMBIM-PANEKENA SY NY FETRAM-PANDOAVANA****FIZARANA 3.01.- FAMERENANA NY RENIVOLA**

- a) Aorian'ny faha-10 taona tsy amerenam-bola, manomboka ny vaninandro nanaovan-tsonia ny fifanarahana , no amerenan'ny Mpisambotra ny renivola mandritran'ny efepolo (40) taona, ka iray isan-jato (1%) isan-taona eo anelanelan'ny taona faha iraiky ambiny folo sy taona faha roapolo ny fe-potoana hameranam-bola, ary telo isan-jato (3%) isan-taona ho an'ny sisa.
- b) Ny vola samborina voalohany dia hataony na ny 01 Janoary na ny 01 Jolay manaraka avy hatrany ny fiafaran'ny fe-potoana tsy amerenam-bola.

FIZARANA 3.02.- TAMBY AMIN'NY FAMPIASAM-BOLA

Ny Mpisambotra dia handoa tamby amin'ny fampiasam-bola telo ampahaefany (0,75%) isan-taona amin'ny efa navoaka nefa tsy mbola naverina, izany araka ny voalaza ao amin'ny Fizarana faha-3.02 ny Fepetra Ankapobeny.

FIZARANA 3.03. - TAMBIM-PANEKENA

Ny Mpisambotra dia handoa tambim-panekena antsasaky ny iray (0,50%) amin'ny vola tsy navoaka, manomboka ny roapolo amby zato (120) andro

aorian'ny vaninandro nanaovana sonia ny fifanarahana.

FIZARANA 3.04. - FETRAM-PANDOAVANA

Ny renivola nosamborina, ny tamby amin'ny fampiasam-bola sy ny tambim-panekena voalaza etsy ambony dia tsy maintsy harotsaka isan'enimbolana ny 01 Avrily sy 01 Oktobra isan-taona.

ANDININY FAHA-IV

FEPETRA SY ANDRAIKITRA

FIZARANA 4.01. - FEPETRA ILAINA HAMPANAN-KERY NY FIFANANARAHANA

Hanan-kery izao fifanarahana izao raha tontosain'ny Mpisambotra avokoa ireo fepetra voalaza ao amin'ny fizarana 5.01 ny Fepetra Ankapobeny.

FIZARANA 4.02. - FEPETRA ILAINA AMIN'NY FAMOAHAM-BOLA

Ankoatran'ny fananan'izao fifanarahana ozao hery araky ny voalaza ao amin'ny fizarana 4.01 etsy ambony, ny famoahana ny vola samborina dia miankina amin'ny fanatanterahana ny famoaham-bola (faharoa) sady farany amin'ny PAS II voalaza etsy ambony, izay nifanaovana tamin'ny Tahiry.

FIZARANA 4.03. - ANDRAIKITRY NY MPISAMBOTRA

Noho izao Tohana ara-pamatsiam-bola fanampiny izao sy ny nahavoafidy izay mahazo izany niankina amin'ny zava-bita tsara hitan'ny Tahiry fa mahafapo ary mba tsy hahavery ny tombotsoa, ny Mpisambotra dia manaiky etoana fa :

- 1) Hitana, mandritra ny fe-potoana famoaham-bola voalaza ao amin'ny fizarana 5.02a) amin'izao fanarahana izao, ny zavatra tsara nahalany toky, indrindra ny fanajana ny fe-potoana fandoavam-bola tafiditra amin'ireo hetsika entina hitsarana ny zava-bita ;
- 2) Tsy hanaiky ny fampindramam-bola be zanabola mandritra ny fe-potoana maharitra roa amin'ny folo (12) volana manomboka ny vaninandro hanaovantonsonia izao fifanarahana izao.

ANDININY FAHA-V

FAMOAHAM-BOLA - VANINANDRO FAMARANANA

FIZARANA 5.01. - FAMOAHAM-BOLA

Araka ireo fepetra entin'izao fifanarahana izao sy ny fepetra ankapobe, dia afaka mamoka vola ny Tahiry mba hanefana ny fandaniana ilaina amin'ny fanantanterahana ny anton'ny fifanarahana.

FIZARANA 5.02. - VANINANDRO FAMARANANA

- i) Manomboka ny vaninadro hanaovan-tsonia izao fifanarahana izao, ny Mpisambotra dia manana fe-potoana maharitra roa ambin'ny folo (12) mba ahazoana mamoka manontolo ny tentin'ny vola samborina.
- ii) Izay vola tsy nalaina aorian'io vaninandro famaranana, izany hoe ny 17 Desambra 1999 dia foana avy hatrany.
- iii) Ankoatr'izany, mandritra ny roa ambin'ny folo (12) volana izay fe-potoana famoam-bola, na inona na inona tsy ataon'ny Mpisambotra mahatonga azy tsy haloa trosa, dia mahavery avy hatrany ny fahazoany ny tohana ara-pamatsiam-bola fanampiny ary mahafoana koa ny vola nosamborina mbola tsy nalaina.

FIZARANA 5.03. - FAMPIASANA NY VOLA NALAINA

Ny Mpisambotra dia tsy hampiasa ny vola navoaka afa-tsy amin'ny fandoavana ny vesatry ny zana-bola izay natao hamoahana ny vola.

ANDININY FAHA-VI**FEPETRA SAMIHAFANA****FIZARANA 6.01 - SOLONTENA NOMEM-PAHEFANA**

Ny Minisitry ny fitantanam-bolam-panjakana sy ny Toe-karena, na ny olona hafa nomeny fahefana an-tsoratra, no misolo tena ny Mpisambotra araka ny voalaza ao amin'ny fizarana 14.03 amin'ny fepetra ankapobe.

FIZARANA 6.02 - VANINANDRON'NY FIFANARAHANA

Izao fofanarahana izao dia heverina ho nifanaovana tamin'ny vaninadro voasoratra amin'ny pejy voalohany.

FIZARANA 6.03 - ADIRESY

Ireto adiresy manaraka ireto no voamarika araka ny fizarana 14.01 ny Fepetra ankapobeny :

Ho an'ny Mpisambotra :**Adiresy amin'ny Paositra :**

Minisitery ny Fitantanam-bola sy ny Toe-karena
B.P 129

Antananarivo

MADAGASIKARA

Adiresy Telegrafika :

Telex : 22 489 MINFIN
Telekopia : (261) 20 22 345 30
Telefona : (261) 20 22 242 51

Ho an'ny Tahiry :**Adiresy amin'ny Paositra :**

Tahiry Afrikana ho an'ny Fampanandrosoana
01 BP 1387

ABIDJAN 01

COTE D'IVOIRE

Adiresy Telegrafika

AFDEV / ABIDJAN

Telex : 23717 / 23498
Telefona : (225) 20 44 44

FIZARANA 5.03 - FAMPIASANA NY VOLA NALAINA

Ny Mpisambotra dia tsy hampiasa ny vola navoaka afa-tsy amin'ny fandoavana ny vesatry ny zana-bola manokana izay natao hamoahana ny vola.

ANDININY FAHA-VI**FEPETRA SAMIHAFANA****FIZARANA 6.01 - SOLONTENA NOMEM-PAHEFANA**

Ny Minisitry ny fitantanam-bola sy ny Toe-karena, na ny olona hafa nomeny fahefana an-tsoratra, no misolo tena ny Mpisambotra araka ny voalaza ao amin'ny fizarana 14.03 amin'ny fepetra an-kapobe.

FIZARANA 6.02- VANINANDRON'NY FIFANARAHANA

Izao fifanarahana izao dia heverina ho nifanaovana tamin'ny vaninandro voasaratra amin'ny pejy voalohany.

FIZARANA 6.03 - ADIRESY

Ireto adiresy manaraka ireto no voamarika araka ny fizarana 14.01 ny Fepetra ankapobeny :

Ho an'ny Mpisambotra :Adiresy amin'ny Paositra :

Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Toe-karena
B.P 129

AntananarivoMADAGASIKARAAdiresy Telegrafika :

Telex : 22 489 MINFIN

Telekopia : (261) 20 22 345 30

Telefona : (261) 20 22 242 51

Ho an'ny Tahiry :Adiresy amin'ny Paositra :

Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana
01 BP 1387

ABIDJAN 01COTE D'IVOIREAdiresy telegrafika

AFDEV / ABIDJAN

Telex : 23717 / 23498

Telefona : (225) 20 44 44

HO FANAMARINANA IZANY, ny Mpisambotra sy ny Tahiry, amin'ny alàlan'ireo solontena nomem-pahefana avy, dia manao sonia izao fifanarahana izao izay nadika roa mitovy amin'ny teny frantsay.

Avy amin'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

(Sonia tsy hay vakiana)

Tantely **ANDRIANARIVO**,
Praininisitra,
Ministry ny fitantanam-bola sy Toe-karena

Avy amin'ny TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA

(Sonia tsy hay vakiana)

OMAR KABBAJ
FILOHA

Nohamarinin'i

(Sonia tsy hay vakiana)
CHAIKH IBRAHIMA FALL
SEKRETERA JENERALY

